

# TORITENY

**ZOMA 04 desambra 2015 : ANDRO VOALOHANY TRIDIUM fanomanana ny**

**OUVERTURE NY JAOBILY FAMINDRAMPO tao Antsiranana**

## **Bokin'Izaia 29,17-24.**

Tsy vetivety foana va dia ho zary saha misy hazo mamoa i Libàna, ary ny saha misy hazo mamoa dia atao ho ala? Amin'izany andro izany, ny marenina handre ny tenin'ny boky, ary ny jamba hivoaka amin'ny aizina aman'aizim-pito ka hahita. Ny manetry tena hitombo hafaliana hatrany, amin'ny Tompo, ary ny mahantra indrindra hientan-kafaliana ao amin'Ilay Masin'Israely. Satria lasa tsy hita intsony ny mpampahory ary maty ny mpaniratsira ary ho ringana izay rehetra mamoron-tsain-dratsy, dia ireo manameloka olona noho ny teniny indraim-bava; mamela-pandrika ho an'izay namaky betroka azy eo am-bavahady; ary mamery ny marina amin'ny laingany. Noho izany, izao no lazain'ny Tompo amin'ny taranak'i Jakoba, dia izy izay nanavotra an'i Abrahama: Tsy hisy hahamenatra an'i Jakoba intsony tsy hivaloarika intsony ny handriny. Fa izy sy ireo taranany, rahefa mahita ny asan'ny tònako eo aminy, dia hanamasina ny anarako izy ireo, hanamasina an'Ilay Masin'i Jakoba izy ireo, ary hanaja ny Andriamanitr'Israely. Ireo mivily saina, hianatra fahendrena, ary ireo mimonomonona, handray fampianarana.

## **Evanjely Masin'i Jesoa Kristy nosoratan'i Md. Matio 9,27-31.**

Ary nony niala teo Jesoa, dia nisy jamba roalahy nanaraka azy, sady niantso mafy nanao hoe: Ry Zanak'i Davida ô! mamindrà fo aminay. Nony tonga tany an-trano izy, dia nanatona azy ireto jamba, ary hoy Jesoa taminy: Moa mino hianareo fa mahay manao izany aho? Eny, Tompoko, hoy ireo taminy. Dia notendreny ny masonry, ka hoy izy: Aoka ho tanteraka aminareo araka ny finoanareo.

Dia nihiratra ny masonry, ary Jesoa nandrara azy mafy hoe: Tandremo sao ho ren'olona izao; kanjo nony nandeha ireo, dia nampielany ny lazany tamin'izany tany rehetra izany.

## **Fampianaran'Eveka**

Ao anatin'ny hateloana masina tokoa ary isika mianakavy, miandrindra an'izay famindrampon'Andriamanitra izay ary ao anatin'ny fiomanana ny Noely ihany koa amin'izao fiaviana ankalazaintsika izao ary Zoma voalohany volana androany. Raha ny tena marina dia amin'ny Talata hoavy 08 desambra no fanombohana ny fanokafana ny varavarana masina any Roma. Ary amin'ny tantaran'ny Eglizy dia sambasambany amin'ny toerana maro samihafa no ametrahana an'izay fanokafana varavarana masina izay. Nofidin'ny Papa izay fomba izay, fomba manokana, taona masina manokana aza satria tsapany fa mila ny famindrampon'Andriamanitra isika. Tahaka an'ireo jamba teny andalana tokoa isika olombelona amin'izao. Maro ny zavatra mahajamba atsika, mety mihiratra ny masontsika fa tsy mahita ny tena fiainana, tsy mahita aiza no ahitana ny tena fiadanana, mirepirepy isika. Mandalo ary izao taonan'ny famindrampo izao. Tahaka ny

nandalovan'i Jesoa, ka nahatonga an'ireo jamba roa lahy nikiakiaka : Ry Jesoa zanaky Davida ô, mamindra fo aminay. Hoy ny Papa Ray Masina amin'ny Encyclique hafatra momba ny tontolo iainana : mitaraina izao tontolo izao, mitaraina ny tany, mitaraina ny olombelona tsirairay satria mivarilavo ny trano be iombonana, ity planeta misy atsika ity. Miandrindra an'izay famindrampon'Andriamanitra izay isika ary araka ny voalazantsika teo am-piandohana ary averimberin'ny Papa amin'ny hafany izay fa ny famindrampon'Andriamanitra dia mibaribary amin'ny Fo Masin'i Jesoa. Io no maneho an'izay famindrampon'Andriamanitra amintsika izay. Io no isehoan'izay fitiavan'Andriamanitra izay. Raha fintinina dia tian'Andriamanitra hafindra ao amintsika ny Fon'i Jesoa. Ka raha mifindra ny Fon'i Jesoa dia io no voalazan'ny vakiteny voalohany novakintsika teo ka irintsika ho tanteraka tokoa dia ny fiadanana marina. Ka amin'izay ireo korontana maro isan-karazany vokatry ny fahotantsika, ireo hery setra manapotika ny fiainantsika, ireo hetraketraka ataontsika amin'ny voaary, hiova araka ny vakiteny enontsika teo ka hamoa fiadanana, ary ny jamba hivoaka amin'ny haizim-pito ka hahiratra, ny manetry tena hitombo hafaliana ary dia hasambarana hitoetra eo amintsika. Zay tokoa no irintsika amin'izao taona masina izao. Tsy taona masina mikombona araka izay voalaza izay fa maniraka atsika ho vavolombelona.